**Andro manokana « *enditnow*® » (aoka izay!)**

**27 aogositra 2016**

« Mianatra hitia tahaka Azy »
nosoratan'i Nancy Wilson

Miaraka amin'ny Atrik'asa
« Fanasitranana ny ara-pihetseham-po »
nosoratan' Katia Reinert,
Tale Mpanampy ao amin'ny Ministera miadidy ny Fahasalamana
ao amin'ny Foibe Maneran-tany

Novolavolain'ny Foibe Maneran-tanin'ny
Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito
Sampana Miadidy ny Vehivavy

**enditnow**®
Ny Advantista miteny hoe TSIA amin'ny Herisetra
Sampana Miadidy ny Ankizy, ny Fanabeazana, ny Fiainam-pianakaviana, ny Fahasalamana , ny Fivondronan'ny Mpitandrina, ny Vehivavy, ny Tanora

SEVENTH-DAY ADVENTIST CHURCH
General Conference
World Headquarters
Department of Women's Ministries
12501 Old Columbia Pike
Silver Spring, Maryland
20904-6600 USA
Telephone (301) 680-6608
Fax (301) 680-6600
http://wm.gc.adventist.org

12 aprily 2016

Miarahaba antsika rehetra !

Indro isika tonga amin'ny andro manokana **« enditnow »** *(aoka izay ny herisetra*) izay hiresahantsika ny amin'io olana mahatsiravina io izay mampijaly ny tokantranontsika, ny faritra misy antsika, eny, ny fiangonantsika koa aza, sy ny firenentsika; raha lazaina amin'ny teny tsotra dia ny tany manontolo. Ny antsoantson'ny fontsika dia manao hoe « Avia, Jesosy Tompo! »

Satria isaky ny andro iray mandalo dia androm–pahoriana sy tebiteby fanampiny eo amin'ny fiainan' olona maro. Inona no hatao ? Amin'ity taona ity , ny hafatra dia miantso antsika hifantoka amin'ny loharanon'ny fitiavana marina, dia ny Raintsika any an-danitra. Rehefa fenon'ny fitiavan' Andriamanitra ihany isika vao afaka haneho fitiavana, fiheverana ary firaisam-po amin'ireo izay iharana na efa niharan'ny fitondrana tsy mety.

Hiresaka momba ny fahasitranana ara-pihetseham-po koa isika. Amin'ny fanafahana azy, ny olona iray niharan'ny herisetra dia vao manomboka lalan-davitra ho ami 'ny fahasitranana. Ny holatra ara-pihetseham-po dia mety haharitra mandritra ny androm-piainana. Ahoana no azo anampiana ireny olona ireny? Inona no hambara?

Amin' ity taona ity, raha hizara ireo fampahalalana ireo amin'ny fiangonanareo hianareo, dia manantena sahady izahay ny hanomboka hahita fa mihalefy ny herisetra ary ny hery manasitran'ny fitiavana kosa dia mamehy ny fery tsirairay.

Izao no nolazain'Ilay Mpanasitrana lehibe : « Mankanesa aty Amiko hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana fa Izaho no hanome anareo fitsaharana» (Matio 11:28). Andeha ho entintsika ireo izay ianjadian'ny fitondrana tsy rariny sy mijaly ho eo amin'ny Mpamonjintsika, Izay hany afaka hanome azy ireo ny fitsaharana (ara-pihetseham-po, ara-batana ary ara-panahy) izay ilainy .

Heather-Dawn Small

Heather-Dawn Small,
Talen'ny Sampana miadidy ny Vehivavy
ao amin'ny Foibe Maneran-tany

## Fanoroam-pejy

**MOMBA NY MPANORATRA 4-5**

**VAKITENY 6**

**FANDAHARAM-POTOANAN'NY FANOMPOAM-PIVAVAHANA 7**

**HAFATRA 8-13**

**ATRIK'ASA 14-20**

## Momba ireo mpanoratra

**Nancy Louise Vollmer Wilson**

Nancy Wilson dia *physiothérapeute*, manam-pahaizana momba ny fitsaboana ny vatana,nefa ankehitriny dia manaraka ny vadiny, Ted N.C. Wilson, filohan'ny Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, amin'ny dia rehetra ataony amin'ny fanompoana izao tontolo izao. Manan-janaka telo vavy izy mivady : Emille Louise, manambady ny pasitora Kameron de Vasher; Elizabeth Esther, manambady ny pasitora David Wright ary Catherine Anne, manambady ny dokotera Robert Renck. I Wilson mivady, izay nakamban'ny fatoram-panambadiana tamin'ny taona 1975, dia manana zafikely folo ankehitriny.

Talohan'ny nifindran'izy ireo tany amin'ny Foibe Maneran-tany, i Ted sy Nancy dia misionera tany Afrika sy Rosia. I Nancy dia tia manokana ny miaraka amin'ny fianakaviany, indrindra ireo zafikeliny izay tena mahafatifaty tokoa, tia famakiam-boky, manao zaridaina, mandeha an-tongotra, manao mofo sy mofomamy ary mandray olona ao an-tranony .

(Ireo toko sy andininy amin'ity boky ity dia nalaina tsmin'ny dikan-teny Louis Segond.)

**Katia Reinert, PhD, MSN, RN, CRNP, FNP-BC, PHCNS-BC**

Katia Reinert dia mpitsabo mpanampy manam-pahaizana manokana momba ny fitsaboana an-tokantrano sy amin'ny toeram-pitsaboana momba ny fahasalamam-bahoaka. Izy dia miasa ao amin'ny Clinique Shepherds any Baltimore, Maryland . Izy koa dia tale mpanampy ao amin'ny Sampana Fahasalamana ao amin'ny Foibe Maneran-tanin'ny Fiangonana Advantista mitandrina ny Andro Fahafito. Vao haingana izy no nanompo amin'ny maha talen'ny Sampana fahasalamana sy fiarenana ho an'ny Fiangonana Advantista mitandrina ny Andro Fahafito ao Amerika Avaratra.

Mme Reinert possède dia manana ny *baccalauréat en sciences infirmières* avy amin'ny oniversite advantista any Washington, *maîtrise en sciences infirmières* avy amin'ny oniversite katolika any Amerika ka nifantoka tamin'ny fahaslamam-bahoaka (sante publique) sy ny fikarakarana ny olona marefo, ary koa *doctorat (Ph.D.) en sciences infirmières* avy amin'ny oniversite John Hopkins any Baltimore, ka nifantoka tamin'ny fikarohana momba ny herisetra eo anivon'ny fianakaviana.

Izy dia niasa nandritra ny dimy ambinifolo taona tao amin'ny Hopitaly Advantista any Washington amin'ny maha-mpitsabo mpanampy eo amin'ny fikarakarana ny aretina efa mahatratra ny fara-tampon'ny fanaintainana, amin'ny maha-mpitsabo mpanampy momba ny fahasalamana amin'ny fotoam-piasana, amin'ny maha-mpandrindra ny asan'ny mpitsabo mpanampy eo anivon'ny vahoaka advantista ary mpanara-maso ny asa fitsaboana ao amin'ny Sampana Fahasalamana ho an'ny fikarakarana ny fahasalaman'ny advantista. Izy dia efa voatendry ho mambran'ny filan-kevi-pirenena ao amin'ny *Substance Abuse and Mental Health Service Administration* (SAMHSA) tao amin'ny departemanta amerikana momba ny asan'ny fahasalamana. Izy dia liana manokana amin'ny fisorohana ny aretina sy ny fomba fiaina ary ny fikarakarana ny aretin-tsaina/fihetseham-po.

Mme Reinert dia nanoratra sy nampianatra momba ireny loha-hevitra/taranja ireny ary anisan'ny mpiara-miombon'antoka kristiana ho fanatsarana ny fahasalaman'ny olona, ny fianakaviana ary ny fiarahamonina. Izy dia teratany breziliana ary tia mitaingina bisikleta, tia mandeha an-tongotra, mandeha an-tany lavitra ary mitrandraka ny zava-mahagaga voajanahary eo amin'izao tontolo izao.

## Vakiteny

« Tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana, fa amin'ny fanatren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany . » (Filipiana 2:3)

« Anaka, izany zavatra izany no soratako aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesosy Kristy , Ilay Marina . » (1 Jaona 2:1)

Fandaharam-potoanan'ny Fanompoam-pivavahana

**« Mianatra hitia tahaka Azy »**

Boky hilan-kevitra ho an'ny andro manokana « ***enditnow*** »

Antso ho amin'ny fiankohofana :

Hira fanombohana :

Fiantsoana fanatrehana (ny mpandaha-teny amin'ny fanompoam-pivavahana ) :

Vakiteny fototra :

Vavaka pastoraly :

Tantara ho an'ny ankizy :

Fanompoam-pivavahana fanatitra :

Feon-kira mandritra ny fanantazana fanatitra :

Hira manokana :

Hafatra « Mianatra hitia tahaka Azy » :

Hira famaranana :

Vavaka farany :

# MIANATRA HITIA TAHAKA AZY

***Nosoratan'i Nancy Wilson***

« Anaka, izany zavatra izany no soratako aminareo mba tsy hanotanareo.
Ary raha misy manota dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika,
dia Jesosy Kristy , Ilay Marina . » (1 Jaona 2:1)

**Fampidirana**

Tsy dia hahagaga raha toa ka tsy misy olona ato amin'ity efitrano ity hitonona ho olona mahery setra. Ny *herisetra* dia teny izay iheverantsika fa voaro amin'izany isika , satria izy io dia manondro ny zavatra ataon'ny hafa : olona lozabe miaina amin'ny toerana mampahatahotra ary manao zavatra mahatsiravina izay tsy ataontsika. Nefa kosa rehefa mahazo an-tsaina isika fa ny atao hoe mahery setra dia midika tsotra fotsiny ho manao fitondrana tsy rariny, dia tokony hanaiky fa isika rehetra dia manana fironana ho amin'io fahotana io avokoa (ary amin'ny fatra manokana dia meloka isika). Mila ny herin'Andiamanitra avoka isika rehetra mba handresena ny fironantsika hanandratra ny tenantsika ka hanaovantsika tsinontsinona ny hafa.

Ny mampisy fahasamihafana lehibe eo amin'ny toetran'i Jesosy sy ny an'i Satana dia ny IZAHO : Satana dia tia tena loatra fa Kristy kosa dia mihevitra tanteraka ny hafa (tsy misy fitiavan-tena). Ary ny teny fikasana lehibe momba ny famonjena ao amin'i Jesosy dia ny fanovana ny toetra, « fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'n fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy » (2 Korintiana 3:18).

Ary tsy isalasalana fa eo anivon'ny tokantrano, izay anehoantsika ny fifandraisantsika akaiky indrindra, no tena ilana io fanovana ara-moraly io. Ao amin'ny *Tanamasoandron'ny Fahasalamana, p. 283,* dia ambara amintsika fa « manomboka ao an-tokantrano ny famerenana indray ho amin'ny laoniny sy ny fanandratana ny olombelona… Avy ao amin'ny fo no « ihavian'ny aina » (Ohabolana 4 :23), ary ny fon'ny fiarahamonina, ny fiangonana na ny firenena, dia ny ankohonana. Ny firindran'ny fiainana eo amin'ny fiarahamonina, fahombiazan' ny fiangonana, ny firoboroboan'ny firenena, dia miankina amin'ireo hery miasa mangina ao an-tokantrano». Toy izany koa ao amin'ny boky *Le Foyer Chrétien, p. 306,* dia voasoratra hoe, « mba hahatonga ny fivavahana hanana hery miasa mangina eo amin'ny fiarahamonina dia tsy manana izany eo amin'ny ankohonana aloha izy».

Raha namorona ny olona araka ny endriny Andriamanitra , dia namorona lehilahy iray sy vehivavy iray, ka nampifamatotra azy ary nanao azy ho « nofo iray » (Genesisy 2:24). Noho izany, dia tian'Andriamanitra raha ny fatoram-panambadiana maneho ny toetoetra tsy misy fitiavan-tenan'ny Telo Izay Iray, fifamalian'ny fanehoam-pitiavana sy fanolorana ny tena. Ary na dia tafatsofoka tao amin'ny fiainan'ny olombelona aza ny fahotana, Andriamanitra dia naneho ny toetrany feno fitiavana mihevitra ny hafa tamin'ny nanomezany ny « Zanany lahitokana », zanaka izay, araka ny filazan'i Paoly, « tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy » (Jaona 3:16 sy Galatiana 2:20).

Rehefa voatsindrin'ny Fanahy Masina io Paoly io dia nangataka tamin'ny mpino rehetra toy izao : « Tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana , fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany » (Filip 2:3). Ankoatran'izany, amin'ny fanondroana mivantana ny fotoana iainantsika ankehitriny i Paoly dia nampitandrina antsika fa « any am-parany dia hisy andro mahory. Fa ny olona ho tia tena» amin'ny fitiavan-tena izay miseho amin'ny fitanisana fihetsika ratsy sy mahery setra : « tia vola, mpandoka tena, mpiavonavona, miteny ratsy, tsy manoa ray sy reny, tsy misaotra, tsy manaja izay masina, tsy mana –pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mahonom-po, lozabe, tsy tia ny tsara, mpamadika, kirina, mpieboebo, tian y fahafinaretana mihoatra noho ny fitiavana=y an'Andriamanitra, manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra nefa manda ny heriny» (2 Timoty 3:1-5).

Raha mampitaha ny fampitandreman'i Paoly amin'ny toetoetry ny fiarahamonina ankehitriny isika dia tokony hiaiky ny fahamarinana mavesan-danjan'ny fanambarany mialoha. Ao anatin'ny fiangonana kristianamihitsy aza ary ao anatin'ny hetsika advantista misy antsika, dia mahita zavatra izay maneho fa mihanaka izaitsizy ny fankahalana feno fitiavan-tena sy herisetra ny mpiara-belona. Noho ny fahasoavana feno famindrampo sy manavao avy amin' Andriamanitra, dia tsy maintsy faranana izany .

**Tena fifandraisana feno fitiavana**

Ny fitondrana tsy rariny toy ny herisetra ara-batana ary ny fanolanana dia tena fandikana miharihary sy maharikoriko ny lalam-pitiavan'Andriamanitra tsy mitady tombon-tsoan'ny tena. Nefa kosa, raha tsy miresaka afa-tsy ny fahotana mahameloka toy izany isika, dia mety hamela handalo, amin'ny tsy fitandremana, ary mila tsy ho hita ireo endrika herisetra miely patrana indrindra, na dia ao an-tokantranontsika kristiana aza. Ny faniriana hanao fitondrana tsy rariny an'ireo izay tokony ho tiavintsika sy beazintsika, dia fironana tokony ho resen'ny zanakalahy sy zanakavavin'ireo raiamandrenintsika voalohany lavo, amin'ny alalan'ny fahasoavana mamelombelona indray avy amin'i Jesosy Kristy irery ihany.

Misy andraikitra fitantanana manokana eo anivon'ny tokantrano nankinina amin'ny ray sy vady, izay tsy tokony hampiasaina ho fialan-tsiny hanaovana tsinontsinona ny firindran'ny fiainan'ny vadin'izy ireo sy ny zanany. Mifanohitra amin'izany aza, dia soritana mazava ao amin'ny Baiboly ny andraikitry ny lehilahy:

> Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana, ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, mba hahamasina azy amin'ny anadiovany azy amin'ny rano fanasana amin'ny teny; mba ho raisiny ho an'ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fikentronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy. Dia tahaka izany koa ny lehilahy tokony ho tia ny vadiny tahaka ny tenany ihany. Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany. Fa tsy mba misy olona tsy tian y nofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka an'i Kristy amin'ny fiangonana (Efesiana 5:25-29).

Mba hanazavana io fitsipika ara-Baiboly momba ny andraikitry ny lehilahy mba ho tia amin'ny fomba tsy mitady tombon-tsoan'ny tena io, dia toy izao no nosoratan'i Ellen White aa amin'ny *Manuscript Releases*, Vol. 21, p. 217 :

> Aoka ny lehilahy hianatra ny tenin'i Kristy, tsy ny hahalalana hoe hatraiza no tokony haneken'ny vadiny azy, fa mba hahitana ny fomba hananana ny sain'i Jesosy, ny fomba hahatongavana ho madio, milamina tsara ary vonona ho tompon'ny tokantranony. Tokony ho resena ny fihetseham-po ratsy rehetra, ary tokony ho hita eo anivon'ny ankohonana ny fitiavan'i Kristy nasehony tamin'ny fiangonany. Ny tena vady araka ny asany sy ny fahamarinana dia hanao izay azo atao rehetra hiantohana ny hisian'ny fiadanana. Ho hita maso ny vokatry ny fitiavana kristiana eo amin'ny fahalalam-pomba sy ny fitiavana masina ary feno halemem-panahy aseho ao an-tokantrano. Mampahery izy ireo sady mampirisika, miray fo sy saina amin'ny vadiny sy ny zanany amin'ny fotoam-pahoriana. Miezaka izy hihazona ny sainy sy fanahiny hanana fiadanana sy matanjaka mba hahatsara ny toetrany ... Raha mpanjakazaka ny lehilahy iray dia hanenina ny firaisam-panambadiana aminy ny vadiny; fa raha araka ny tokony ho izy ny fiainam-panambadiana dia maneho ny fiainan'ny lanitra . (*dikan-teny malalaka*.)

Mampalahelo anefa, amin'ny tontolo iainana ankehitriny (ary matetika loatra, na dia ao amn'ny fiangonantsika aza), ny lehilahy, izay tokony hitana ny andraikitra amin'ny maha-mpiaro ara-panahy, dia nanary izany andraikitra izany ary tonga mpanebaka, mpanao an-tsirambina ary mahery setra amin'ireo olona nomena ho andraikiny. Ary amin'ireo tranga diso tafahoatra dia ilaina ny mitondra ny raharaha amin'ny fitsarana toy ny heloka bevava mba hampitsaharana ny ratsy aterak'izy ireo. Aoka hivavaka ho an'ny fianakaviana izay miatrika zava-misy maharary sy mangirifiry toy izany. Enga anie ny Tompo hanome ny fiarovana ara-batana sy fahasitranana

ara-pihetseham-po ary koa ny fanarenana ara-panahy ho an'ireo olona mahery setra sy ireo olona iharan'ny herisetra .

Raha nanorina ny ankohonana tao amin'ny sahan'i Edena Andriamanitra dia nanoritsoritra ny vadin'i Adama ho toy « vady sahaza ho azy » (Genesisy 2:18). Taorian'ny fahalavoana , dia niteny tamin'i Eva Andriamanitra fa « ny vadinao no hianteheran'ny fanirianao, ka izy no hanapaka anao» (Genesisy 3:16). Avy amin'izany didy izany no nanoratan'ny apostoly Paoly hoe : « Hianareo vehivvy, maneke ny vadinareo, tahaka ny anekena ny Tompo » (Efesiana 5:22). Noho izany, eo anilan'ny vadiny, izay manana ny andraikitry ny mpitarika, no ahitana ny vehivavy, izay manana ny andraikitra hanohana azy sy ho reny mpiahy, toerana izay antsoin'i Ellen White hoe « mpanjakavavin'ny tokantrano » ao amin'ny boky *Le foyer chrétien* (p. 224).

Nefa rehefa avy namariparitra ny hery tsara ananan'ny vehivavy tia vavaka izy dia manao izao fampitandremana manaraka izao :

> Nefa raha be haitraitra ny vehivavy, mpirehareha, sarotiny, masiaka, tsy manome ho an'ny vadiny afa-tsy ny fikasana sy ny fihetseham-po avy amin'ny tenany samirery ihany, zavatra avy amin'ny toe-pony ratsy, raha tsy manana fahaizana mandinika izy ary tsy afaka hahatsapa ny fitiavan'ny vadiny azy ka tsy afaka hankasitraka azy, fa miampanga azy ho tsy miraharaha sy tsy ampy fitiavana satria tsy manatanteraka ny haitraitrany rehetra, dia tsy azo ihodivirana fa hiteraka toe-javatra izay hanenenany izy ; ireo fiampangana rehetra ataony dia ho tonga zava-misy tokoa . (*Le foyer chrétien*, p. 104)

Izay ilaintsika ao an-tokantranontsika , ary raha mivelatra eo amin'ny fiarahamonina manontolo, dia tsy hoe ny tsy fisian'ny herisetra fotsiny ihany, fa koa ny fikolokoloana an-kitsim-po ny fifanajana sy ny fifampitaizana mahasoa. Ireo izay nanoloran'i Kristy ny ainy dia mendrika ny fitiavantsika madio sy ny fanajantsika tena marina tokoa. Ity baikon'ny Baiboly manaraka ity dia ampiharina amin'ny fifandraisantsika rehetra : «Aoka ny fitiavana ho amin'ny tsi-fihatsarambelatsihy; mankahalà ny ratsy; mifikira amin'ny tsara. Mifankatiava araka ny fifankatiavan'ny mpirahalahy; mitariha làlana amin'ny fifanomezam-boninahitra.» (Romana 12:9, 10)

**Voaovan'ny Fanahiny**

Indray andro raha niteny tamin'ny vahoaka betsaka Jesosy dia nanao hoe , « Na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany; fa izany no làlana sy mpaminany » (Matieo 7:12). Nofintinin'i Jesosy ny Soratra Masina rehetra ary nasehony ny fitsipiky ny fiasan'ny fiarahamonina any an-danitra tamin'ny didy tokana tena tsotra sy mora ampiharina. Ao amin'ny *Conseils à l'Église*, Vol. 2, p. 62, Ellen White dia

mampahatsiaro izany fahamarina afototra izany : « Any, dia tsy hisy lanitra manodidina azy. Koa raha tiantsika ny hahita fifaliana amin'ny fiarahana amin'ny mponin'ny tany vaovao, dia tokony ho voahetsiky ny fitsipiky ny lanitra dieny ety isika. » Ranadahy sy olona hihevitra ny tenany samirery sy ny fahafinaretan'ny tenany samirery. Ny rehetra, amin'ny fitiavana madio sy mahitsy, dia hilatsaka ny fahasambaran'ny mponin'ny rahavavy, noho ny famelan-keloka sy ny herin'i Jesosy, dia afaka manomboka ety sahady sy ankehitriny ny fiainan'ny lanitra .

Ny saintsika voafetra dia tsy afaka mahatakatra amin'ny fomba tsotra fotsiny izao ny fanatanterahan'ny Fanahy Masina ny asa fanarenana ataony. Nefa kosa, azontsika ekena amim-pinoana izany ary hita miharihary eo amin'ny fiainantsika ny vokany. Raha niresaka tamin'i Nikodemosy ny amin'ny ilàna ny fahateraham-baovao ara-panahy Jesosy dia nanazava ny fizotry ny fiovana ara-pitondrantena : « Aza gaga noho ny nilazako taminao hoe Tsy maintsy hateraka indray hianareo.Ny rivotra mitsoka amin'izay tiany, ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay ihaviany na izay alehany, dia tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy . » (Jaona 3:7, 8) Ho fampharana ny fampianaran'i Kristy dia izao no voasoratra ao amin'ny boky *Ilay Ftiavana Mandresy, p.167[3]-168[1]* :

> Tsy hita ny rivotra, nefa misy vokany hita maso sy tsapan'ny tanana. Toy izany koa, ny asan'ny Fanahy ao amin'ny fanahydia hiseho eo amin'ny fihetsika rehetran'izay mahatsapa ny heriny mahavonjy. Rehefa mambabo ny fon y Fanahy Masina dia manova ny fiainana. Avela ny eritreritra feno fahotana, afoy ny asa ratsy; ny fitiavana, ny fanentren-tena, ny fiadanana no mandray ny toeran'ny fahatezerana, ny fitsiriritana sy ny ady lahy. Mandray ny toeran'ny alahelo ny fifaliana, ka mitaratra ny fahazavan'ny lanitra ny endrika. Tsy misy mahita ny tanana ilay manala ny enta-mavesatra na mibanjina ny fahazavana midina avy any amin'ny lapa any ambony. Tonga ny fitahiana rehefa milefitra amin'ny finoana eo amin'Andriamanitra ny fanahy. Amin'izy dia mamorona olom-baovao araka ny endrik'Andriamanitra ilay hery izay tsy azon'ny mason'olombelona jerena. Tsy mety ho hain'ny saina voafetra atao ny mahazo ny asan'ny fanavotana. Mihoatra ny fahalalan'ny olombelona ny zava-miafina raketiny; nefa izay miala amin'ny fahafatesana ka tonga amin'ny fiainana dia manaiky fa zava-misy avy amin'Andriamanitra izany. Mety ho fantatsika eto ny fiantombohan'ny fanavotana amin'ny alalan'ny fanandramana ataon'ny tena. Mahatratra ny taona mifandimby mandrakizay ny vokany.

**Famaranana**

Moa ve hianao raiamandreny, zanaka na vady izay manimba matetika ny hafa amin'ny alalan'ny esoeso, fanambakana na fahatezerana? Angamba tsy tsapanao hoe toy izany hianao, nefa ny hafa dia nilaza taminao fa nandratra azy ireo hianao na nanao tsinontsinona azy. Angamba manao izany zavatra izany hianao nefa tsy mahatsapa ho manao ratsy. Na angamba te-hiova hianao, te-ho tonga vaovao, nefa tsy nahomby ny ezaka nataona. Manàna herim-po! Irin'

Andriamanitra ny hanova ny fo vatonao ho fo nofo. Miantso anao ho amin-javatra lehibe kokoa noho ny fanandramanao ankehitriny Izy. Tiany ho raisina ny fahoriana rehetra , ny tebiteby, ny hatezerana na ny alahelo izay azeranao amin'ny hafa ary hanova izany ho fitiavana sy fangorahana ao am-ponao. Manome antoka antsika Izy fa afaka hanova antsika sy hanasitrana antsika , ary tsy misy zavatra sarotra loatra ho Azy. Ireto misy teny fikasana vitsivitsy momba ny famelan-keloka sy fandresena natao ho tadidiana ao an-tsaina :

- « Fa isika tsy manana mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika , fa Izay efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika kanefa tsy nanana ota. Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrkanan'ny fahasoavana samin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory. » (Hebreo 4:15, 16)

- « Anaka, izany zavatra izany no soratako aminareo mba tsy hanotanareo. Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika , dia Jesosy Kristy, Ilay Marina . » (1 Jaona 2:1)

- « Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika? Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka Aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra? ... Fa matoky aho fa na fahafatesana , na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy, na hery, na ny ambony, na ny ambany, na iniona na inona amin'izao fiainana izao, dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika. » (Romana 8:31-39)

Ry hava-malal, mijere an'i Jesosy ary aoka ho velona. Takio anio ny teny fikasan'ny Baiboly ary mihavana amin'Andriamanitra. Ny fiainana kristiana dia manoatra lavitra noho ny fanekena ny fikambanana amin'ny fivavahana iray, fa herin'Andriamanitra mihitsy izay manova ny olona mpanota sy tia tena hanana ny endrik'i Jesosy Kristy mihevitra ny hafa izany. Anio aho dia mampirisika mafy ny mambra rehetra amin'ny hetsiky ny vahoaka sisan'Andriamanitra mba handinika ny fony ary hampietry ny fanahiny .

Miaraka amin'i Davida dia andeha isika hihiaka hoe, « Diniho aho, Andriamanitra o, ary fantaro ny foko; izahao toetra aho, ary fantaro ny eritreritro; ary izahao raha misy lalana mampahory ato anatiko, dia tariho amin'ny lalana mandrakizay aho! » (Salamo 139:23, 24). Ary rehefa mandresy lahatra anao ny amin'ny fahotanao ny Fanahin'ny fahamarinana dia aza kivy. Fa kosa mihazakazaha faingana mankeo amin'i Jesosy, Izay nanao izao fampanantenana manaraka izao: « Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra . » (1 Jaona 1:9)

# FANASITRANANA ARA-PIHETSEHAM-PO

Nosoratan'i Katia Reinert
Namboarina avy amin'ny *Adventist Recovery Ministries*

**(Sary 1 – Fanasitranana ara-pihetseham-po )**

Fampidirana :

Isika rehetra dia samy voaratra avokoa tamin'ny fomba itsy na iroa. Ny sasany mety ho niaina toe-javatra mankarary sy namela ratram-po hatrany amin'ny fahazazany, ny hafa indray teo amin'ny fahatanorany na teo amin'ny taona maha-olon-dehibe. Ny fanandramana mamela ratram-po, toy ny fitondrana tsy rariny eo amin'ny lafiny maha-lahy sy vavy, lafiny ara-batana na ara-tsaina, ny tsy firaharahana (fanaovana an-tsirambina), ny famoizana olon-tiana, ny fahatsapana ho voafitaka, ny aretina mitaiza ara-batana na ara-tsaina, ny fidirana am-ponja na ny aretin-tsain'ny mambra iray ao amin'ny fianakaviana, ny fiainana anivon'ny fianakaviana mikorontana na mahery setra na ao anatin'ny toe-javatra sarotra dia mety nametraka holatra ara-pihetseham-po tamintsika. Ary ny sasany amin'ireny holatra ireny dia mahatonga henatra ho antsika, tahotra sy fangidiana ary mahatonga antsika hahatsapa fa misy zavatra tsy araka ny tokony ho izy. Ireny fihetseham-po ireny dia tsy hoe mety haharitra mandritra ny fiainana manontolo fotsiny, fa koa mety hanampy eo amin'ny fitomboan'ny aretin'ny saina na ny vatana .

**(Sary 2)**

*Asa*

Mieritrereta fanandramana anankiray izay namela holatra tao am-ponao, ny sainao ary ny fanahinao. Raha tsy manahirana anao dia zarao amin'ny olona mipetraka eo akaikinao izany. Fa raha tsy izany dia azonao atao ny izara ny fanandraman'ny olona iray hafa fantatrao.

**(Sary 3)**

**Salamo 147:3 - Andriamanitra no Ilay Mpanasitrana. Ny anjarantsika dia ny mametraka ny fontsika marary mba hiaina ny zavatra nofidin'Andriamanitra ho antsika eo amin'ny fiainantsika .**

**2 Korintiana 1:2-4 - Eto Andriamanitra dia soritana ho toy ny Andriamanitry ny fampiononana rehetra, Ilay mampionona antsika amin'ny zava-tsarotra rehetra .**

**Salamo 147:3**

« Mahasitrana ny torotoro fo izy, sy mamehy ny feriny ( *mampitony ny fahoriany sy mampahery azy ao anatin'ny alahelony*). »

**2 Korintiana 1:2-4**

« Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana (*fahatoniana anaty sy firindrana ara-panahy*) avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo! Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, Rain'ny famindrampo sy Andriamanitry ny fampiononana rehetra, Izay mampionona anay amin'ny fahorianay rehetra, mba hahaizanay mampionona izay rehetra mitondra fahoriana kosa,amin'ny fampiononana izay ampiononan'Andriamanitra anay ! »

Ny vaovao mahafaly dia izao : Andriamanitra no Mpanasitrana antsika. Naniraka an'i Jesosy teto amin'izao tontolo izao Izy mba hitondra famerenana amin'ny laoniny sy fanasitranana ho antsika. Nefa mba hahafantarana sy hiainana izany fanasitranana izany dia tsy maintsy mitady voalohany indrindra fototra sy fahamarinana ara-tSoratra Masina momba ny fanasitranana isika. Rehefa izany dia tsy maintsy mametraka ireny vatosoan'ny fahamarinana ireny ho tonga ampahany tanteraka amin'ny fomba fahatakarantika sy fisainantsika ny amin'ny fihetsika tokony hatao momba ny fanasitranana isika. Amin'izany no azontsika amelana an'Andriamanitra hanatratra hatrany amin'ny eritrerintsika, ny finoantsika ary ny fihetseham-pontsika lalina indrindra. Andeha ary ho trandrahantsika ankehitriny izay lazain\ny Baiboly momba ny fanasitranana ara-pihetseham-po.

Satria isika miaina ao amin'ny tontolo vakivaky sy feno fahotana, dia miatrika fahoriana avokoa isika rehetra. Arakan y voambaran'ny Salamo 147, dia Andriamanitra no Mpanasitrana antsika, ka ny hany ataontsika dia ny manao izay hahavonona antsika hiaina araka izay tiany hiainantsika .

Rehefa mahatsapa isika fa mikarakara antsika Izy ary isika no ivon'ny sitrpony, dia mahazo matoky isika fa afaka mampionona antsika amin'ny fahoriantsika **REHETRA** Izy (2 Korintiana 1:2-4). Ny hoe « **REHETRA** » dia mahafaoka ny fanandramana sarotra indrindra, ireo izay ahatsapantsika tena ho irery, iheverantsika fa tsy misy olona afaka hahalala ny manjo antsika .

**(Sary 4)**

- **2 Korintiana 12:7 : Andriamanitra akory tsy manaisotra na manafoana hatrany ny fitsapana na fahoriana .**
- **Salamo 23:4 : Andriamanitra dia miaraka amintsika ao anatin'ny fahoriana sy ny fanaintainana.**
- **2 Korintiana 1:4, 5 : Andriamanitra dia tsy mampionona antsika ho antsika samirery, fa mba hahazoantsika mampionona ny hafa koa rehefa avy eo.**

**2 Korintiana 1:5-7**

Fa araka ny haben'ny fijalian'i Kristy mihatra aminay (*tahaka ny itobahan'izany amin'ny mpianany*) no haben'ny fampiononana anay (*ny fampaherezana anay*) amin'ny alalan'i Kristy (*tena mihoatra noho izay sahaza ny hiaretana izay tokony hiaretana).* Ary raha ampahoriana izahay, dia ho fampiononana sy ho famonjena anareo izany ; ary raha ampiononina izahay dia ho fampiononana anareo izany, ka miasa (*ao anatinareo)*

amin'ny fiaretnanreo fahoriana mitovy indrindrsa amin'izay entinay. Ary miorina tsara (*azo antoka sy tsy azo hozongozonina)* ny fanantenanany anareo (*ny zavatra antenainay feno toky sy mahomby ho anareo)* , satria fantatray fa tahaka ny iombonanareo ny fahoriana no iombonanareo ny fahoriana koa .

Milaza ihany koa ny Baiboly fa, indraindray, Andriamanitra dia tsy manaisotra na manafoana ny fahoriantsika. Kanefa dia MIARAKA AMINTSIKA mandrakariva Izy mandritra ny fitsapana sy ny fahoriantsika, ary izany dia tsy hoe mba hampiononana antsika fotsiny satria tia antsika Izy, fa satria iriny isika raha mba mampionona ny hafa koa! Maniry ny hampiasa antsika mba hampaherezana ny hafa Izy amin'ny fizarantsika ny fampiononana omeny antsika .

**(Sary 5 )**

- **Isaia 63:9 : Ory Andriamanitra rehefa ory isika .**
    - **Ary ory Izy nefa tsy mampiasa fomba hanakelezana na hampihenana ny fahoriantsika .**
    - **Izany no antony ahatsapany ny fahoriana rehetra, mafy lavitra noho isika .**
- **Ohabolana 17:22 : Ny fanahy kivy mahamaina ny taolana.**
    - **Ny fahoriana ara-pihetseham-po dia manana ny akony eo amin'ny ara-batana izay mety hitondra ho amin'ny fahafatesana (jereo koa Ohabolana 18:14).**

Ny filazana fa ory Andriamantra rehefa ory isika dia matetika no tsy dia azo loatra. Mieritrereta fanandramana sarotra anankiray niainanao. Teo ve Andriamanitra? Taiza Izy? Taiza Izy araka ny fiheveranao nandritra ny fahorianao?

Teo ve Andriamanitra raha nokapohina teny an-dalana ho eo amin'ny hazo fijaliana i Jesosy Zanany? Nampijaliana ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pitenenana ve Jesosy? (Eny.) Tena nitanjaka ara-bakiteny teo anatrehan'ireo olona rehetra nanatrika teo amin'ny hazo fijaliana Izy, izay heverin'ny olona sasany fa endriky ny fitondrana tsy rariny (fanalam-baraka) amin'ny lafiny maha-lahy sy vavy. Taiza Andriamanitra tamin'io toe-javatra io ? Teo Izy, dia tahaka ny maha-eo Azy rehefa maratra isika .

Noho ny fifanandrinana lehibe eo amin'ny tsara sy ny ratsy iainantsika, dia tsy maintsy namela ny Zanany ho faty Izy mba hamonjena antsika. Toy izany koa no tsy maintsy amelan' Andriamanitra matetika izao tontolo izao feno fahotana sy ny safidy ataontsika hanana ny vokany mba hamonjena ny tontolo rehetra amin'ny farany.

Fa isika dia afaka mandray na mampiasa karazana fomba fiarovana maro mba hifehezana ny fahoriantsika. Fa Jesosy kosa dia niatrika ireny mivantana, tsy nisy fomba nampiasaina hiarovan-tena. Ary niaritra fijaliana ho anao sy ho ahy Izy. Alaivo sary an-tsaina ange ny fahorianao rehetra, sy ny an'ny reninao sy ny rainao, ny an'ny vadinao sy ny zanakao, ny an'ny mpifanolo-bodirindrina aminao sy ny an'ny namanao ary ny an'ny olona an-tapitrisany maro eto amin'izao tontolo izao. Tsapany avokoa ireny rehetra ireny ... Mahatsapa ny

fahoriantsika amin'ny fahafenoany mihoatra noho isika Izy mba hahasitrana antsika. (*ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika*.) Manampy antsika hahazo aina tsara kokoa ve izany?

**(Sary 6 )**

- **Ohabolana 15:13 : Ny fanahy dia kivy noho ny alahelon'ny fo .**
    - **Ny alahelo dia mifandray amin'ny famoizan-javatra na olona sy ny fahorian-tsaina aterak'izany famoizana izany amintsika.**
    - **Tsy ny fahafatesana ihany rehefa antitra isika no mampitomany antsika, fa ny karazana famoizana rehetra, na dia mbola kely aza isika .**

Tamin'ny fahendrena ary araka ny tsindrimandry no nanoratan'i Solomona fa ny alahelo dia mahaketraka antsika. Ny alahelo dia vokatra avy amin'ny famoizana sy fisaonana.

Isika rehetra, amin'ny fotoana itsy na iroa, dia samy manao fanandraman'ny famoizan-javatra na olona. Raha ny marina, ny fanadihadiana natao dia maneho fa eo amin'ny faha-fitopolo taona, ny 90 isan-jaton'ny olona dia efa niaina karazana faharerahan-tsaina vokatry ny famoizana havan-tiana. Ary ny fanandraman'ny famoizan-javatra na olona dia tsy an'ny olon-dehibe ihany akory. Fa na dia ny ankizy aza dia miaina fanandraman'ny fahoriana sy famoizana, na dia tsy tsaroany intsony aza rehefa lehibe izy .

Noho izany, dia mitondra ny fahorian'ny famoizana fony fahazaza eo amin'ny taona maha-olon-dehibe isika, ary maro no mitondra izany fahoriana izany toy ny ratra tsy mety mikombona, satria tsy nahazo mihitsy ny fanasitranana ara-pihetseham-po izay mampitony ny ratra sy ny fery. Kanefa ahoana no fomba ahazoana io fanasitranana io ? Ireto misy fitsipika vitsivitsy sy fahamarinana momba ny fanasitranana ara-panahy .

**(Sary 7 )**

**Ny fitsipiky ny fanasitranana ara-pihetseham-po**

- **Rehefa manasitrana Andriamanitra dia tsy mba voafetran'ny toerana sy ny fotoana.**
- **Na dia afaka manasitrana eo no ho eo aza Andriamanitra , izay zavatra ataony matetika, dia indraindray mandeha tsikelikely manaraka dingana ny fahasitranana.**
- **Andriamanitra dia liana kokoa amin'ny fitomboantsika lavitr'ezaka mihoatra noho ny fananantsika fahatsapana fahatsarana bebe kokoa .**

Tsy voatery eo no ho eo foana akory ny fahasitranana. Amin'ny kapobeny dia mila fotoana izany. Andriamanitra dia tsy manao ho laharam-pahamehana ny fanasitranana antsika ho amin'ny fahatsapana metimety kokoa fotsiny ihany, fa ny fanasitranana antsika ho amin'ny famonjena. Ny hoe « Sozo » dia teny grika ao amin'ny Testamenta Vaovao izay midika hoe « manasitrana » SY « manavotra ». Ataon'Andriamanitra miaraka izany zavatra anankiroa izany. Amin'ny farany, ny zavatra mahaliana Azy mihoatra noho ny zavatra rehetra dia ny famonjena antsika. Maniry Izy ny hiankinantsika Aminy bebe kokoa, ny hampivelarantsika ny fifandraisantsika amin'ny hafa sy ny toetrantsika. Maniry Izy hampiasa antsika ho voninahiny.

**(Sary 8 )**

**Ny Soratra Masina dia mety ho fitaovana mahery vaika ho an'ny fanasitranana:**

- **Mahery ny Tenin'Andriamanitra.**
  **« Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako:**
  **Tsy hiverina Amiko foana izy,**
  **Raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako**
  **Ary ambinina amin'izay ampandehanako azy » (Isaia 55:11)**
- **Ny ratra dia mifototra amin'ny fanandramana lalovana. Noho izany, ny fahasitranana ny dona/faharariana mitranga dia tokony hifotora amin'ny fanandramana .**

Afaka mampiasa ny Baiboly isika ho toy ny fitaovana mahery vaikan'ny fanasitranana, satria ny tenin'Andriamanitra dia manana fahefana hanasitrana!

**Hebreoc 4:12 :**

« Fa velona sy mahery (*tena miasa, manan-kery sy matanjaka)m*ny tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela, ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy (*ny maha-olona manontolo)* ary ny tonona sy ny tsoka (*izay zavatra lalina indrindra ao amintsika),* ka mahay mamantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo. »

Satria mifototra amin'ny fanandramana ny alahelo ara-pihetseham-po, ny fahasitranana avy amin'izay dona/faharariana rehetra mitranga dia tokony ho tsapa ihany koa amin'ny alalan'ny fanandramana. Rehefa mifamatotra amin'ny tenin'Andriamanitra isika, dia miasa ao amin'ny fontsika sy ny fanahintsika Izy mba hanampy antsika hahatsapa ny fahasitranana amin'ny fomba azo tsapain-tanana .

**(Sary 9 )**

- **Jaona 8:44 : Ny dona/faharariana mitranga dia matetika mitondra ho amin'ny fifangaroan'ny fahalalana miseho amin'ny endriky ny finoana diso na lainga izay inoan'ny olona momba antsika, momba ny hafa, momba an'Andrimanitra ary momba ny tontolo manodidina antsika .**
- **Jaona 8:32 : Ny fanorenana indray ireny finoana ireny amin'ny alalan'ny fahazavan'ny tenin'Andriamanitra dia mitondra fahafahana.**

Tokony ho fantatsika ireo fifangaroan'ny fahalalana rehetra izay mety hampikorontana ny saintsika. Ireny eritreritra/fisainana diso ireny dia avy amin'ny lainga izay afafin'ny fahavalon'Andriamanitra ao am-pontsika. Mazava ho azy fa amin'ny maha-olombelona mpanota antsika dia manana fironana isika hamela ireny hevi-diso ireny hiditra ao amin'ny fisainantsika.

**Jaona 8:44 :**

« Hianareo avy amin'ny devoly rainareo, ka izay sitraky (*toetoetry*) ny rainareo no tianareo hatao. Izy dia mpamono olona hatramin'ny taloha ary tsy nitoetra tamin'ny

marina, satria tsy misy marina aminy. Raha mandainga izy dia ny azy no lazainy, satria mpandainga izy sady rain'ny lainga . »

Kanefa ny Soratra Masina dia afaka manampy antsika hanana fahitana mazava sy hiala ireo hevi-diso aolana. Ny fanorenana indray ireny finoana ireny amin'ny alalan'ny fahazavan'ny tenin'Andriamanitra dia mitondra fahafahana.

**Jaona 8:32 :**

« Ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo. »

**(Sary 10 )**

- **Ny olona maratra dia matetika no mandratra ny hafa mba hiarovan-tena .**
- **Eo amin'ny fizotry ny fanasitranana, dia tsy maintsy mijery manatrika tsara ny tenantsika isika, miaiky ny fahadisoantsika ary mibebaka.**

Mila mifehy sy manara-maso ny tenantsika isika, satria rehefa maratra isika, dia manana fironana handratra olona hafa. Ny fijerena tsirairay ny eritrerintsika, ny fihetseham-pontsika ary ny fihetsika ataontsika amin'Andriamanitra sy ny hafa ary amin'ny tenantsika, dia afaka manampy antsika hahita ireo zavatra izay tokony hiaikentsika sy hibebahantsika .

**(Sary 11)**

- **Ny olona maratra dia manao izay azony atao mba hitohizan'ny fiainany.**
- **Mandritra io fizotra io dia manorina rafitra mba hiarovan-tena izy ireo ary miaina araka izany amin'ny fahavitan-tena.**
- **Izany dia karazana fanompoam-tsampy izay tokony hasian-teny.**

Ny ratra dia manana ny akony toy ny fahatsapan-tena ho meloka sy henatra. Maro no velona maharitra, nefa tsy amin'ny fahafenoany. Manao izay azontsika atao isika mba hitohizan'ny fiainana sy mba hahazoantsika mifanaraka amin'ny zava-misy, nefa matetika isika dia lasa toa mahavita tena samirery ary manana fahasarotana hatoky ny hafa. Mitondra saron-tava mitsiky isika kanefa any anatintsika dia maratra sy malahelo isika. Ny tsy fahafahantsika hatoky ny hafa no mahatonga antsika ho mahaleo tena be loatra, izay matetika no mitondra ho amin'ny fitiavan-tena sy ny fifantohana amin'ny tena samirery. Kanefa, aoka hazava amintsika fa karazana fanompoan-tsampy izay tokony hasian-teny izany.

**Famaranana** :

**(Sary 12 )**

*Asa :*

Mandraisa fotoana ankehitriny hanoratana (ho an’ny tenanao) antony 5-10 izay ahatsapanao fa voaratra hianao. Eritrereto ny fomba izay nahatonga ireny fanandramana tsy mahomby ireny, ireny dona/fahararinana na famoizana ireny hisy fiantraikany aminao. Moa ve ireny fanandramana ireny mitarika anao handratra olona hafa, haneho fangidiana na hikolokolo hevi-diso momba anao, momba an’Andriamanitra, momba ny tontolo na ny olona manodidina anao ? Maniry fahasitranana ve hianao?

**(Sary 13 )**

> **« Satria Jehovah… efa naniraka Ahy hanasitrana ny torotoro fo,**
> **Hitory fanafahana amin’ny babo,**
> **Sy hamoaka ny ao an-tranomaizina ho amin’ny mazava;**
> **Hitory taona ankasitrahan’i Jehovah,**
> **Sy andro famalian’Andriamanitra;**
> **Hampionona ny malahelo rehetra;**
> **Hanolotra ho an’ny malahelo ao Ziona,**
> **Eny, hanome azy hamama ho solon’ny lavenona,**
> **Sy diloilo fifaliana ho solon’ny fahalahelovana,**
> **Ary fitafiana fiderana ho solon’ny fanahy reradreraka » (Isaia 61:1-3).**

Mampahatsiaro antsika ny Baiboly, ao amin’ny Isaia 53, fa ny noho ny dian-kapoka tamin’i Jesosy ny nahazoantsika fanasitranana! Ao amin’ny Isaia 61:1-3, dia azontsika vakiana fa misy fiovana manokana mitranga eo amin’ny fiainantsika raha ekentsika ho mpanasitrana Andriamanitra ary raha avelantsika hikasika antsika Izy: raha misaona/malahelo isika dia hahita ny fampaherezana sy ny fampiononana; raha mitondra ny lavenona tsy misy loko sy tsy misy ainan’ny fanandramantsika lasa isika , dia hahita indray ny fahatsaran-tarehin’ny fifaliana; raha manana fo sy fanahy feno enta-mavesatra ara-pihetseham-pon’ny otripo na ny fangidiana isika, dia ho solointsika fiderana sy fankasitrahana an’Andriamanitra .

**(Sary 14 )**

**Nilaza toy izao tamintsika Jesosy Kristy : « Fantatro ny ranomasonao, efa nitomany koa Aho. Fantatro ny fahoriana miafina izay mbola tsy nambara na oviana na oviana tamin’ny sofin’olombelona. Aza mihevitra fa irery na nafoy hianao. Na dia tsy misy fo voahetsika aza eto an-tany noho ny fahorianao, banjino Aho ka aoka ho velona hianao » (E. G. White, *Ilay Fitiavana Mandresy*, p. 519).**

Vonona ve hianao handray ny fanasitranana ny ratranao sy ny fahorianao? Maniry hikasika anao Izy amin’ny alalan’ny heriny manasitrana, nefa mila vonona hianao ho azo andairan’izany sy hanokatra ny fonao ho Azy. Inoanao ve fa afaka hahatsapa ny fahorianao sy hanasitrana anao Izy? Manasa anao aho hanatona an’i Jesosy. Andeha hangataka Aminy hanasitrana antsika anio.